# TATITRY NY FILANKEVITRY NY MINISITRA NATAO TAO AMIN'NY LAPAM-PANJAKANA IAVOLOHA

## ALAROBIA 09 JONA 2021

**NOTANTERAHINA TAO AMIN'NY LAPAM-PANJAKANA IAVOLOHA NY FILANKEVITRY NY MINISITRA ANDROANY IZAY NOTARIHIN'NY FILOHAM-PIRENENA ANDRY RAJOELINA ARY NAHITANA NY PRAIMINISITRA SY IREO MINISITRA ISAN-TOKONY :**

## I- FAMPAHAFANTARANA

### MINISTERAN'NY TOEKARENA sy ny TETIBOLA

### FAMPITAM-BAOVAO MIKASIKA NY FANOMANANA SY NY FANDRAFETANA NY TETI-BOLAM-PANJAKANA NASIAM-PANITSIANA

Ireo asa vita hatreto ao anatin'ny fanomanana ny fandrafetana ny teti-bolam-panjakana nasiam-panitsiana 2021 dia nahafahana namaritra ireto zavatra manaraka ireto:

- Fanitsiana mikasika ny vinavina mahakasika ny mety ho fidiram-bola noho ny zava-mitranga ankehitriny
- Fanitsiana mahakasika ireo "dépenses transversales", ireo tetikasam-pampandrosoana ary ireo fandaniana mikasika ny fampiodinan-draharaha eo anivon'ireo ministera sy ireo andrimpanjakana.

Na izany aza anefa, mba tsy hahatara ny fankatoavana ny teti-bolam-panjakana nasiam-panitsiana 2021, dia azo eritreretina ny fanoratana ho ao anatin'ny "dépenses transversales" eo anivon'ny Ministeran'ny Toekarena sy ny Tetibola, ireo tetibola natokana ho an'ny tetikasam-pampandrosoana sy ireo tetibola fanampiny ho fampiodinana ireo ministera.

Nankatoavina araka izany ny volavolan-dalàna manitsy ny tetibolam-panjakana 2021. Mbola hisy kosa anefa fanitsiana ara-teknika ho fanarahana ireo toromarika notapahana tamin'ny Filankevitry ny Minisitra mialohan'ny andefasana izany any amin'ireo Antenimiera.

### MINISTERAN'NY FILAMINAM-BAHOAKA

### NANKATOAVINA NY FAHAFAHANA MITONDRA NY RAZANA ANY AMIN'NY FARITRA

Napetraka tany amin'ny efitra mangatsiaka na chambres froides tany amin'ireo Hopitaly teto Antananarivo ny razan'ireo olona sasany avy any amin'ny faritra nodimandry teto Antananarivo. Taorian'ny lahateny nataon'ny Filoham-

pirenena ny 30 may lasa teo izay nisy ampahany mifandraika amin'ny fitondrana ny razan'ireo olona tsy matin'ny COVID-19 any amin'ny Faritra anefa dia maro ireo fianakavian'ny maty no mikasa ny hitondra ny razana any amin'ny faritra.

Arak'izany dia misy ny fepetra iarahana amin'ny Polisim-pirenena ary mitaky ny fampisehoana ireto taratasy vitsivitsy manaraka ireto :

-Taratasy fanamarinana fahafatesana avy amin'ny BMH. Tsara raha miampy taratasy avy any amin'ny dokotera nitsabo.

-Fanamarinana ny anton'ny fahafatesana avy amin'ny BMH izay milaza raha vokatry ny areti-mifindra na tsia ny nahafatesan'ilay olona, raha toa ka taratasy fanamarinana fahafatesana mifandray na tsia amin'ny COVID 19 izany teo aloha

-Fanomezan-dalana mikasika ny fandefasana ny razana avy any amin'ny delegen'ny boriborin-tany

-Fahazoan-dalana handevina avy any amin'ny delegen'ny boriborin-tany

Hanafoanana ny hosoka dia tsara raha misy ihany koa taratasy milaza ny anaran'ny hopitaly nitsaboana ireo olona maty ka entina any amin'ny faritra ny razana. Ireo narary rehetra ka nodimandry taorian'ny kabary nataon'ny Filoham-pirenena no voakasik'ity fepetra ity. Ny talen'ny hopitaly dia entanina ihany koa hanome ny anarana sy lisitr'ireo olona matin'ny COVID-19 hampidirina ao anatin'ny « système de base de données COVID ». Ireo olona manao hosoka mifandraika amin'izany dia iharan'ny sazy. Mila jerena ihany koa ny mikasika ny vatapaty hitondrana ny razana

**<u>MINISTERAN'NY FAMBOLENA sy ny FIOMPIANA ARY NY JONO-</u>**

**NANKATOAVINA NY FANOMEZANA FAMATSIANA ARA-BOLA ANDIANY FAHAROA HO FANOHANANA IREO OLONA MAREFO, AO ANATIN'NY FANATANTERAHANA NY TETIKASA PACPA II na ny "PROJET D'APPUI À LA COMMERCIALISATION DES PRODUITS AGRICOLES".**

Taorian'ny fanomezana famatsiana ara-bola andiany voalohany izay mitentina 824 677 dolara ao anatin'ny fanatanterahana ny tetikasa PACPA, ny FIDA na ny Fonds International de Développement Agricole dia nanome ny fanekeny ny hanomezany famatsiam-bola andiany faharoa mitentina 1.007.322 dolara natao indrindra hanitarana ny fanatanterahana io tetikasa io any amin'ny faritra telo any Atsimon' i Madagasikara.

Raha natokana hanohanana ireo mpamboly sy ireo mpamokatra marefo ary ireo tanora any amin'ny faritra ambanivohitra manakaiky ny faritra Analamanga ilay famatsiam-bola andiany voalohany, dia natao indrindra kosa hanohanana ireo mponina any amin'ny faritra Androy sy Atsimo Andrefana izay iharan'ny kere sy ny COVIS-19 ity famatsiam-bola andiany faharoa ity. Araka izany dia fandraisan'anjara lehibe avy amin'ny FIDA taorian'ny antso nataon'ny

## III- FANENDRENA

Nankatoavin'ny filankevitry ny minisitra ny didim-panjakana manendry ireto olom-panjakana ambony manaraka ireto

**Araka ny tolo-kevitry ny Minisitry ny harena an-kibon'ny Tany sy ny Loharanon-karena stratejika :**

- **Andriamatoa RAKOTONDRAVALY Désiré Alphonse** dia voatendry ho « Responsable l'Unité de Suivi des Activités Opérationnelles » eo anivon'ny Ministeran'ny harena ankibon'ny tany sy ny loharanon-karena stratejika

**Araka ny tolo-kevitry Minisitry ny Varotra sy ny Indostria ary ny asa-tanana**

- **Andriamatoa BE Christophe** dia voatendry ho Directeur Régional de l'Industrie, du Commerce et de l'Artisanat ao amin'ny Faritra Melaky.

## IV- FANAFOANANA

**Araka ny tolo-kevitry ny Minisitry ny harena an-kibon'ny Tany sy ny Loharanon-karena stratejika**

Foana ny didim-panjakana laharana faha 2020-557 tamin'ny 27 mey 2020 nanendrena ny « Coordonnateur Stratégique et de Suivi Evaluation » teo anivon'ny Ministeran'ny harena ankibon'ny Tany sy ny loharanon-karena stratejika

**Araka ny tolo-kevitry ny Minisitry ny Fitaterana sy ny fizahantany ary ny famantarana ny toetrandro**

Foana ny didim-panjakana laharana 2019-428 tamin'ny 26 Aprily 2019 nanendrena ny « Directeur de la Sécurité et de la sureté des Secteurs Transport et Tourisme » teo anivon'ny Ministeran'ny Fitaterana sy ny fizahantany ary ny famantarana ny toetrandro

**Araka ny tolo-kevitry ny Minisitry ny indostria, ny Varotra ary ny asa-tanana**

Foana ny didim-panjakana laharana 2019-2228 tamin'ny11desambra 2019 nanendrena ny Talem-paritry ny ministera tao amin'ny faritr'i Melaky

**Araka ny tolo-kevitry ny Minisitry ny serasera sy ny kolontsaina**

Foana ny didim-panjakana laharana 2019-1720 tamin'ny 04 septambra 2019 nanendrena ny Talem-paritry ny ministera ao amin'ny Faritr' i Amoron'i Mania

***Natao androany faha 09 Jona 2021***

***Ny sampan-draharahan'ny serasera sy ny fifandraisana eo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika***